Projet PRODIP / Maître d'ouvrage - MINJUS / Financement – AFD

# TATITRA AN-GAZETY

# FANOLORANA OFISIALY FAMPITAOVANA

Ny Fandaharan'asa FANARENANA amin'ny alalan'ny Tetik'asa PRODIP dia
**« manolotra fampitaovana mba ho fanatsarana ny asa fandraharahana ny fonja eo anivon'ireo tobim-pamokarana Tanjongato (Manaraka), Andranomiteky (Mananjary) sy Andalohasy (Diégo)**

Tontosa nanomboka tamin'ny alatsinainy faha 13 Novambra 2023 tao Manakara sy Mananjary ny fanolorana fampitaovana avy tamin'ny tetik'asa « PRODIP » / Fandaharan'asa Fanarenana ho an'ny lehiben'ny Tobim-pamokarana na Camp Pénal ao Tanjongato, sy Andranomiteky.

**Ny Ministeran'ny Fitsarana**, amin'ny alalan'ny **Fandaharan'asa FANARENANA** dia mikendryny **fanatsarana ny toem-piainan'ireo voafonja**, fa ihany koa ny **fanatsarana ny sehatr'asan'ireo mpandraharahan'ny fonja**. Hanatrarana izany tanjona izany indrindra no anton'izao fanomezana fampitaovana izao.

**Ny tetikasa PRODIP** moa dia tetikasa iray arindra, anatin'ny Fandaharan'asa *FANARENANA*, ary anisan'ny tanjona iray lehibe anatin'izany Tetikasa izany ny fampivoarana ny resaka fambolena mba hisian'ny **fahaleovan-tena ara-tsakafo** eny anivon'ny toeram-pamonjana. Mba hanamorana ny fivezivezen'ny Lehiben'ny Tobim-pamokarana, sy hamitana ireo iraka ilàna azy no anton'ny nanomezana izao fampitaovana izao.

Misy ihany koa ireo fitaovana an-dakozia nomena ireo voafonja rehetra ao amin'ny Fonjan'i Manakara sy Mananjary, mba hanatsarana ny lafiny ara-tsakafon'izy ireo.

**Ireo fampitaovana natolotra : 02 fiara kodiaran-droa (motos de type tricycle), 1500 lovia, 1520 sotro, 05 koveta, 06 sio fasian-drano, 09 sotrobe, 06 zinga**

Fanampim-panazavana :
http://www.gret.org
http://www.justice.mg/?pageid=88
www.afd.fr